# FANDRAISANA ANJARA AMIN'NY SOKAJY "TETIKASA MENDRIKA INDRINDRA"

## FIHAONAMBE AN-TAMPONY MOMBA NY MIRALENTA SY NY FAMPANDROSOANA 2016
## FANDRAISANA ANJARA AMIN'NY SOKAJY "TETIKASA MENDRIKA INDRINDRA"

Ity sokajy ity dia natokana ho an'ireo rafitra ara-panjakana, kaominina, fikambanana tsy miankina, fikambanana eny anivon'ny fiangonana izay nanao asa miavaka ho fanatrarana ireo tanjona voarakitra ao anatin'ny Fenitry ny SADC momba ny Miralenta sy ny Fampandrosoana, aorian'ny taona 2015 sy ireo tanjon'ny fampandrosoana maharitra, mifanaraka amin'ireo lohahevitra momba ny:

- Fahasalamana sy zo ara-pananahana, ao anatin'izany ny ady amin'ny herisetra, ny VIH sy SIDA
- Fitantanana, ao anatin'izany ny Ainga 50/50, filaminana sy fandriam-pahalemana, lalàna fototra fiovaovan'ny toe-trandro sy fampandrosoana maharitra
- Fitoviana eo amin'ny lafiny toe-karena, ao anatin'izany ny fampianarana, ny fanofanana, ary ny fampandrosoana ara-toe-karena.

Safidio amin'ireo lohahevitra voalaza ireo ny sokajy misy anao!

Mizara dimy (5) ny famenoana ity fandraisana anjara ity:

- Filazana ny momba ilay mpanolotra (ny mombamomba anao; fenoina na fidina izay mifaraka aminao)
- Sokajy (Misy safidy efatra).
- Fanolorana ny tetikasa (lahatsoratra fanazavana momba ilay tetikasa)
- Porofo(an-tsoraka, an-tsary na horonan-tsary )
- Fandalinana (Mariho izay mifanaraka amin'ny tetikasanao)

Iangaviana ianao hamaky tsara ity torolalana ity mialohan'ny hamenoana ny fandraisanao anjara:
Fenoy mialoha ny mombamomba anao. Izany dia hahafahanao mameno ny ambin'ny fandraisana anjara amin'ny fotoana manaraka. Azonao atao ny mameno tsikelikely ny fandraisanao anjara amin'ny alalan'ny fanindrina ny teboka natokana ho amin'izany izay hitanao eo ambonin'ny pejy. Ho angatahina aminao ny adiresy mailaka ary ho alefa aminao ny rohy (lien) hahafahanao miverina eo amin'ny asa vitanao teo aloha.

Ny fizarana rehetra DIA TOKONY ho fenoina avokoa.
Ireo ahitana kintana mena (*) dia tsy maintsy fenoina.
Rehefa mahita tsipika midina ianao dia tokony hisafidy izay mifanaraka amin'ny tetikasanao.
Ampiasao ny OANDA na izay rohy nomena anao hamadihana ny vola malagasy ho Dolara.
Tena tsara raha ny olona hanolotra ny asa no mameno ny fandraisana anjara. Raha toa ka tsy ilay mpanolotra no mameno azy dia ny mombamomba ilay mpanolotra no hamenona ny fandraiasana anjara.
Ny andraikitra, Fianarana natao, Taona, Lahy sa Vavy, Adiresy mailaka ary ny laharana finday dia tokony an'ny mpanolotra ny asa.
Tokony hisy ny porofo, ohatra drafitrasa, politika, sary, lahatsoratra an-gazety, horonan-tsary tamin'ny fahitalavitra, lahatsoratra fijoroana vavolombelona (taratasy na mailaka), entina hanamarinana ny asa vitanao. Tsy tokony hihoatra ny 50 MB nefa ny porofo ampidirinao. Afaka mampiditra porofo hatramin'ny 10 ianao.
Raha toa ka tsy voafenonao indray mandeha ny takelaka rehetra dia araho ireo torolalana manaraka ireto:

**Rehefa vita ny pejy 1(izany hoe eo amin'ny pejy 2 ianao izao) dia tsindrio ny teboka ery ambony milaza hoe, “Tohizana amin'ny manaraka”:**

**Raha mila fanampiana ianao dia aza misalasala manantona ny biraon'ny Gender Links:**

**http://genderlinks.org.za/who-we-are/where-we-work/**

**Na mandefa mailaka amin'ny: madaprogofficer@genderlinks.org.za.**

**MOMBA NY MPANOLOTRA**
**Raha tsy ilay mpanolotra no mameno ity dia ny mombamomba ilay olona hanolotra ny asa no fenoina eto.**

**1. Daty**

11/27/2016

**2. Anarana**

RAZARIMANANA

**3. Fanampin'anarana**

Jacquelin

**4. Lahy/Vavy**

Lahy

**5. Anaran'ny fikambanana/Toeram-piasana**

RODOBE/CAFF

**6. Andraikitra**

Mpitarika ny Miralenta

**7. Firenena**

Madagascar

**8. Faritra**

Haute Matsiatra

**9. Kaominina**

Fianarantsoa

**10. Adiresy mailaka**

jrazarimanana@gmail.com

**11. Laharan-tariby oh. 00261 20 22 350 51**

00261348577308

**12. Laharana finday oh. 00261 34 43 087 78**

00261348577308

**13. Salan-taona**

31- 40

**14. Fianarana natao**

Oniversite

**15. Manana fasasembanana ve ianao**

Tsia

**16. Lohatenin'ilay tetikasa (oh. Vehivavy eo amin'ny kaominina Maintirano miatrika ny fiovaovan'ny toe-trandro)**

FANDRAISANA ANDRAIKITRY NY REHATRA MITONDRA MAKANY AMIN'NY FILAMINANA

**17. Karazana Fikambanana**

Fikambanana tsy miankina

**18. Sokajy**

Fitantanana– ao anatin'izany ny lalàna fototra, ny hetsika 50/50, ny filaminanana sy fandriam-pahalemana

**FANOLORANA NY TETIKASA**

**19. Fanazavana fohy momba ny tetikasa natao (Teny miisa 150 )**
**Famaritana ny asa natao, inona no tena mampiavaka ilay asa/hetsika raha oharina amin'ny tetikasa hafa?**

Raha faritana ny asa natao dia misandrahatra amin'ny fandriampahalemana sy ny fahatratrarana ny fitovian-zo eo anivon'ny tokantrano tsirairay, ka ho fanatanterahana izany dia maro ny dingana narahana mba hatratrarana ny vina(vision) napetraka amin'ny fanatanterahana ny asa:
Ka izany dia natao isanam-baratongany izay hita fa tena miatraika mivantana amin'ny fiainan'ny mponina toy ny fanavondronana ireo mpisehatra rehetra aminn'ny fandriampahalemanana sy ny fiaramonompirenena mba hiara ientana amin'ny fanatsarana ny paik'ady zay efa nisy; toy izany ny fanamafisanana sy fametrahana paik'ady vaovao amin'ny tambazotra efa misy, fanatsaranana ny traik'efa an'ireo vondrona rehetra misehatra amin'ny fandriampahalemanana ary ny miralenta sy ny fampandrosoana.

**20. Tanjona (Teny miisa 250)**
**Inona avy ireo tanjona noezahana hotratrarina tamin'ny fanatanterahana ny asa?**

Maro ny tanjona napetraka mba afahana mampahomby ny tetik'asa dia ny mba
Mahafantatra ny zo,sy ireo lalàna ary ny andraikiny sy ny tokony ataony ireo olona nianjadian'ny sindry azolena sy ny manana fotompisainana fa ny lehilahy iany no pitondra teny eo anivon'ny fianakaviana, ny lehilahy iany no mampidibola
- Miroborobo ny fiarahamiasa amin'ireo mpiaramiombon'antoka mana tanteraka ny asa toy ny mpitandro ny filaminana, ny fiarahamonom-pirenena sy ireo ray amandreny to teny.
- Mihena ny tranga na tsy fandriampahalemana amin'ny faritra zay niasana
-Mitombo an'isa ny vehivavy sahy mandray andraikitra indrindra fa ny sehetra ara-politika
-Miatsara ny fiainan'ireo olona avy voan'ny tsindry azolena eo naivon'ny fiarahamonina fa indrindra ireo marofy ka mijoro izy ireo hanatsara ny fiainany

**21. Antony nanatanterahana ny asa (Teny miisa 300 )**
**Inona avy ireo antony nahatonga anao hanatanteraka ny asa? Inona no toe-java-nisy?**

Maro ny antony nahatonga ny fikambanana hanatanteraka ny asa toy ny firoboroboany tsy fandriampahalemanana ny fitombony olona mitaraina eo anivon'ny fiarahamonom-pirenena sy ny mpitandron'ny filaminana
-Fantatra syiarahamahalala fa efa mihena ny fahatokisan'olona ireo mpitandrofilaminana sy sampandraharampanjakana samihafa, ka natao koa ny ezaka hiarahan'ny fiarahamonim-pirenena sy ny sampandraharam-panjaka isanam-baratongany mba hisian'ny fifampitokisana eo amin'ny sampandraraha mpanjakana sy ny vahoaka.
Ny fahatsapana fa miankina amin'ny fandriampahalemana ny fandehanandraharaha isan-tokantrano
Eo iany koa ny tsy fasahiana anany vehivavy mandraindraikitra fa ahatsapana fa marefo ny tokantrano rah any lehilahy irery no mampidibola, ka noho izany dia mampirisika ny fikambanana iany koa ny maharefo ny vehivavy izay mba isian'ny lenta ka hiara hientana amin'ny fampandehanana ny raharaha isan-tokatrano mba mihena ny fitsirn-kevitra manao asa ratsy ka miteraka tsy fandriampahalemana
Ny fanana antontanisa mahakasika ny tsy fandriampahalemana izay fantatra fa tsy mitsaha mitombo ka miteraka
Fahavotrian'ny mpiara-miombonantoka rehetra amin'ny fanatanterahana ny asa: ka nahitana vokany amin'ny asa natao teo aloha.
Ny fahatsapana fa mbola betsaka ny tanora izay tsy mhalala ny fitovian-zo manoloana ny lahy sy ny vavy ka izany dia miteraka fiemorana amin'ny tanora vavy handray andraikitra ary eo iany koa ny fahavotrian'ny tanora mpianatra hivoy fahalalana mikasika ny fitovian-zo sy fandriampahalemana ka nanamora ny fidiran'ny fikambanana antsehatra mampiofana sy manentana tanora.
Ny fahatsapana fa miha vitsy anisa hatrany ny vehivavy mitana sehatra ara-panjakana na eo amin'ny sehatry ny fandraharahana ka miteraka fitongolanana amin'ny fampidirambola eo amin'ny tonkatrano dia lasa marefo ny ankamaroany tonkatrano tsirairay.

**22. Asa natao (Teny miisa 300)**
**Inona avy ireo dingana narahina tamin'ny fanatanterahana ny asa? Inona avy ireo asa notanterahina isaky ny dingana tsirairay?**

Maro ny dingana naraina tamin'ny fanatanterahana ny asa: Raha ny asa natao hatrizay dia hita fa mijara roa; misy misehatra amin'ny fandraisana anjara ny vehivavy amin'ny fampandrosoana, misy iany koa ny paik'ady manokana niadiana amin'ny fandriampahalemana.
Ka izany fizarana roa lehibe ny asa notanterahana izany dia anisan'ny zavadehibe,ny mikasika ny fandriampahalemana:
Ka manoloana an'izany fandriampahalemana izany dia maro ny asa no tanterahina mba hahatratrarana ny tanjona; toy ny fanamafisana ny fiarahamiasa amin'reo mpiaramiombon'antoka dia ny Mpitandro ny Filaminanana indrindra fa ny fiarahamonimpirenena samy hafa.
Eo ny fanentanana atao amin'ny vondron'olona isankarazany toy ny fanentanana atao eny anivony fokontany, ny boriboritany, kaominina ambanivohitra: izany dia fanamafisana sy fampafantarana ny olona ny zo ny ivotoerana fandraisana dia ny CECJ izay mandray ny olona hiarany tsy rariny eny anivon'ny fiarahamonina ny asa atao amin'izany dia mihaino sy manorohevitra ary manampy amin'ny fikirakirana ny taratasy sy ny lalana hizorana amin'ny famahana ny olana.
Ny fanaovana "accompagnement" ny olona nianjadian'ny tsy fandriampahalemana mba hanampiana azy amin'ny araka ny tokony ho izy, mba hialana amin'ny kolikoly izay hiseo.
Fanaovana fanangonana atotanisa izay ilaina amin'ny fanaraham'aso ny zavamisy sy afahana manatsara ny vina efa napetraka.
Fanaovana amboletra mihaja amin'ireo manampahefana isan'ambaratongany mba afahana manatanteraka bebekoa ny asa isay natao.
Fanaovana "suivi et evaluation" ny asa efa vita mba hoentina manatsara ny asa manaraka izany dia atao ami'ny alalan'ny fivoriana ara-potoana ny ekipa isam-bolana eo iany koa ny fivoriambe isan-taona izay hiarahana amin'ireo mpiaramiombon'antoka ary fanamafisana ny fiafandraisana mba hahamatotra bebekokoa ny asa izay ho tanterahina; eo iany koa ny fanaovana fanjakan-kevitra an'ireo olona eny ifotony iarany tsy fandriampahalemana ary ny fanaova ireo mpitondra fanjakana eny ifotony sy ireo ray amandreny ara-drazana mba ahatsarakoakoa ny evitra azo mba hoentina hanamafisana ny fahaiza miasa.

**23. Fiaraha-miasa amin'ny mpiara-miombon'antoka sy tambazotra samihafa (Teny miisa 200) ***
**Nisy fiaraha-miasa taminà mpiara-miombon'antoka na tambazotra hafa ve taloha na nandritra ny fanatanterahana ny asa? Fiaraha-miasa teo amin'ny sehatra nasiônaly, rejionaly sa iraisam-pirenena?**

Raha nandritra ny fanatanterahana ny asa dia maro ireo vondrona fikambanana sy sampandraharaha mpanjakana niara niasa nanatanterahana ny asa; ka izany dia miankina amin'ny asa atao no afahana mitily ireo tokony hiaramiasa:
Toy ny fanatanterahana ny fandraisana olona ao amin'ny ivo-toerana isan'andro izany dia fienona ireo hianjadian'ny hetraketraky ny olona eo anivon'ny fiarahamonina fa tsy manana fahefana anatona mpisolovava ary ireo olona tsy mahafantatra ny tokony ataony manoloana ny zavatra nahazo azy tany amin'ny fokontany nisy azy.
Ny fanaovana fanetananan eny ifotiny away liana ny mpiaramiombon'antokaka havanana amin'ny hafatra izay apita, Ohatra raha zon'olombelona no fanentanana dia ny fiaramionompirenena izay misehatra amin'izay dia ampandraisina anjara na zon'ny ankizy ny fanentanana dia ny PMPM sy ny Juge des enfents ary ny fiaramionompirenena away misehatra amin'io iany koa no miara-mandray anjara.
Ny fanaovana fanangonan-kevitra dia maro iany koa ireo mpiara-miombon'antoka miara misalahy amin'ny fanatanterahana azy, toy ny Zandary, ny Polisy, Ny tribinaly, ny sampandraharaha ny mponina, ary eo koa ny fiaramionom-pirenene toy ny: Fiantso Madagascar, OMADH,CAFF, REV, CEDII, …

**Teti-bola**

**<u>Ohatrinona (Dolara) </u>ny teti-bola nanatanterahana ny asa. Araho ity rohy ity hamadiana ny vola Ariary ho Dolara US$: [http://www.oanda.com/currency/converter/](http://www.oanda.com/currency/converter/)**

**24. Ohatrinona amin'ny vola Dolara US$ ny teti-bola natokana momba ny asa tsirairay. Aza asina elanelana ny tarehimarika na faingo (,) na teboka (.). Oh. 5000.Raha tsy nisy ny teti-bola dia 0 soratana "0".**

Ohatrinona ny vola nomen'ny kaominina hanatateraha io asa io amin'ny vola Dolara $ : $0
Raha tombanana amin'ny vola Dolara ny fanampiana hafa nomen'ny kaominina dia ohatrinona eo ho eo? : $0
Total : $0

**25. Iza no namatsy vola ny tetikasa ary hazavao fohifohy ny fomba fifandraisan'izy ireo tamin'ny kaominina**

Tsy misy

**26. Vondron'olona nahazo tombotsoa (isany). Aza asina elanelana ny tarehimarika na faingo (,) na teboka (.). Oh. 5000. Raha toa ka 0 ny valiny dia soraty hoe "0".**

Nahazo tombontsoa mivantana : 45000
Nahazo tombontsoa an-kolaka (Oh. Tamin'ny alalan'ny tambazotra) : 110000
Nahazo tombontsoa amin'ny alalan'ny fampiasana teknolojia vaovao (Oh. Tranokala, mailaka, lahatsoratra) : 220000
Total : 375000

**27. Olana nosedraina (Teny miisa 300)**
**Inona avy ireo olana nosedraina tamin’ny fanatanterahana ny asa? Inona no natao mba hamahana izany olana izany?**

Raha tamin'ny fanatanterahana ny asa hatr'izay dia maro ny olana nosedraina ary nahitana vahaolana avokoa ireo ka ny voaloany amin'izany dia ny tsy fananany fikambanana famatsiam-bola ankehitriny, ka ny vaha olana amin'izany dia ny fairaha miasa amin'ireo mpiaramiombon'antoka toy ny fiaramonom-pirenena sy ny sampandraharaha mpanjakana samy hafa; ka izany dia nanosika anay nanatanteraka niasa hatrany isaky ny asa mifanandrify ny ataonay dia izahay hatrany no manatanteraka azy, eo iany koa ny fahafantarany sampandraharaha ny vokatry ny asa natao nay dia mahatonga azy manome fahatokisana ny fikambanana.
Ny firoboroboan'ny kolikoly dia anisany olana mavesatra ho an'ny fikambanana satria sarotra ny amahana ny olana refa tafiditra antsehatra ny kolikoly, ka nefa tsy natao hanakana ny hanatanterahana ny asa izany ka ny fomba natao tamin'io ndray dia ny fahazahoana ny fanamarinana ny tranga njavatra ka izany dia tamin'ny alalan'ny fidinana hifotony ny mba afantarana bebekokoa ny olana sy hanana proof matotra afahana miroso ami'ny ady amin'ny kolikoly.
Ny fidirany raharaha mpianakaviana amina olana andalampamahana, ohatra raha misy tranga ka fianakaviana avy amin'olona akaiky azy dia lazainy fa mahamenamaso azy ny fampandehanana ny antotataratasy nefa ny raharaha dia andalampamahana, ka ny vahaolana noraisinay dia ny fampanaovana "proces verbal" azy ireo mba ho fanamarihana fa tsy alefa intsony ny raharaha dia mampiakatra azy amin'ny ambaratonga alehany ary miaraka amin'ny taratasy fangatahana fisotomana ny raharaha.
Ny farany dia ny tsy fampiana sy tsy fanana fitaovana hoentimiasa toy ny fitaovampitanterana ka noho ny alaviran'ny toerana dia maro dia maro ny olana nosedraina ka miteraka sakana amin'ny asa ka ny noentina namahana izany dia ny fametrahana fanalavampotoana mba natao amin'ny fotoana misy " taxi-brosse" makany vao afaka mandeha manatanteraka ny asa.

**28. Fanaraha-maso sy tombana (Teny miisa 300)**
**Inona avy ireo karazana fomba sy fitaovana nampiasaina nentina handrefesana ny fiantraikan’ny asa vita? Mety ho isa/tarehi-marika na fijoroana vavolombelona avy amin'ireo nahazo tombontsoa.**

Maro ireo karazana fomba sy fitaovana nampiasaina nentina handrefesana ny fiantraikan'ny asa vita ka an'isanizany ny fanaovana "base de donné" mahakasika ny fanangonana antontan'isa hazo mahakasika ny tsy fandriampahalemana ka izany "base de donné izany dia nangonina avy amin'ny ivon-toerana fandraisana sy ireo mpiaramiombonantoka dia ny fiaramonompirenena sy ireo sampandraharaha mpanjakana maro isankarazany toy ny polisy , ny zandary, ny tribonaly, ny miaramila, eo iany koa ny vondron'olona away apetraky ny fiarahamonina dia ny DINA ka miainga avy amin'ireo no afahana mandrafitra ny tokony ho laharampamehana amin'ny asa manaraka.
Anisany fomba afahana manatsara ny fanarahamaso iany koa ny fivoriana ara-potoana izay tanterahiny fikambanana isambolana izany dia fanaovana fantsakankevitra ireo mpikambana rehetra mba anaovana tombanezaka ny asa vita, ary ny fivoriambe ny mpiaramiombon'antoka rehetra away tanterahina isan-taona dia anisany zava-dehibe amin'ny faaovana fanaraha-maso sy tombana amin'ny asa vita,
Eo iany koa ny fanaovana "journée de recreation" niarahana amin'olona izay niarany olana teny an'ivony fiarahamonina ka hiezaka hifampizara afahana manatsara ny fiainany ary mba afahana maka fahaizamanao ami'ny hafa.
Ary ny farany dia ny fanaovana "boite à idée" io "boite à idée" io dia natokana ho fanehonkevitra ho an'olona rehetra mba afahana manatsara ny fomba fiasa miainga avy amin'ny hevitra izay avoaka ny olona.

## VOKATRA AZO

**29.** ***Fampahefana ny vehivavy (Fanamafisana ny fahaiza-manao na fampiofanana)*** **(Teny miisa 200)**
**Inona tamin'ny tetikasa no nanampy ny vehivavy hahaleo tena (Oh.fiofanana, fanamafisana fahaiza-manao)?**

Maro tamin'ny tetikasa no nanampy ny vehivavy hahaleo tena toy ny fandraisana ny vehivavy amin'izy hiarany tsy rariny amin'ny ady lova ka miteraka "insecurité ho an'ny tenany dia ny fampianarana azy ahay hiary no fandraisana azy mba tsy hisiany ady lova matetika miverina eo amin'ny fianakaviana ka samby aleho tena.
Eo iany koa ny olana eo anivon'ny tokantrano tsirairay izay tsimaintsy asiana fampianarana fahaiza mitantana rehefa mandray azy eo anivon'ny ivon-toerana ka izany dia mitarika ny vehivavy ahaleo tena mba hatsapany lehilahy fa afaka mahavita otrany vitany iany koa ny vehivavy.
Eo iany koa ny fiofanana away niarahana ami'ireo fikambanana maro samihafa mikasika ny miralenta sy ny fampandrosoana izay manasongadina ny fahazakantenany vehivavy amin'ny ara-politika sy ara-ekonomika.
Eo iany koa ny fanentanana ny vehivavy amin'ireo ivontoerana ifotony mikarakara ny mombo ny fananan-tany izay manome sehatra tanteraka ny vehivavy hanoratra ny taniny aminy.

**30.** ***Porofo*** **(Teny miisa 100)**
**Sombiny amin'ny Fijoroana vavolombelona iray farafahakeliny avy aminà vehivavy nahazo fiofanana. Aza adino ny anarany, fanampiny, ny asany .**

RAZANABAO Cristine mpamboly, izay niarany tsy fandriampahalemana noho ny ady tany ka nitebiteby tanatin'ny taona maro izay tsy mavokatra mihitsy noho ny etraketraky ny hafa tamin'ny vokatra azony amin'ny fambolena, ka ny fiofanana azony dia mikasika ny zo sy ny fananan-tany izay niarahana amina Fikambanana namana hafa, ka nahatonga azy nanoratra ny taniny tany amin'ny BIF mba hisiany filaminan-tsainy tamin'ny adi-tany izay nihainany, ka izany fijoroana vavolombelona izany dia anisany nanosika ny hafa hanantona ny BIF;

**31. *Fandraisana anjaran'ny lehilahy* (Teny miisa 300)**
**Nanosika ny lehilahy hanohana kokoa ny hetsika momba ny Miralenta ve ny asa natao? Manomeza ohatra.**

Nanosika ny lehilahy hanohana kokoa ny hetsika momba ny miralenta ny asa natao araka ny zavatra hita manoloana ny isany lehilahy tonga mitaraina ao anivon'ny ivon-toerana ka anisany manamarina izany ny fitomboan'ny lehilahy tonga mitaraina eo anivon'ny ivontoerana CECJ, ny tranga miseho eny anivon'ny fiarahamonina izay mihena hatrany raha mitaha amin'ny zava misy hatramin'ny nanomboan'ny tetrik'asa rah any tranga miseo amin'ny endrika tsy fanomezana sehatra ny vehivavy, mia mitombo an'isa ny lehilahy manome sehatra ny zanany vavy eo amin'ny tombotsoa away tokony ho azony toy ny fampianarana sy ny fandovanana ny fananany ray amandreny, ka izany rehetra izany dia mahatonga ny fankatoavany rehetra ny zon'ny vehivavy away hita fa marefo ny fanatanterahana azy eo anivon'ny fiarahamonina.
Ny fahavitrian'ny lehilahy amin'ny fiarahamientana amin'ny vehivavy amin'ny ady amin'ny fandriampahalemana izay manamarika fa ny fiarahamientany lehilahy sy ny vehivavy no anisany misy fiatraikany any amin'ny fitombon'ny toekarena isaky ny fianakaviana izay miteraka fandriampahalemana raha milamina ny tokantrano tsirairay.

**32. *Porofo* (Teny miisa 100)**
**Sombiny amin'ny Fijoroana vavolombelona iray farafahakeliny avy aminà lehilahy voaentana. Aza adino ny anarany, fanampiny, ny asany .**

RAFANOMEZANTSOA Victor, mpamboly izay resy lahatra tanteraka amin'ny maha zava dehibe ny fandraisany vehivavy tanteraka eo amin'ny fampandrosoana indrindra fa ny fandriampahalemana satria ny fiarahamientany lahy sy ny vavy dia nisy fiantraikany teo anivon'ny fiarahamonina nisy azy satria lasa mifanampy ny vavy sy ny lahy amin'ny fampivoarana ny isantokantrano ka mihena ny tsy fandriampahalemana rehefa mivoatra ny tokantrano tsirairay.

**33. *Fiovana eo amin'ny fifandraisana ao an-tokantrano* (Teny miisa 300)**
**Nampisy fiovana teo amin’ny fifandraisan’ny mpivady sy fianakaviana ve ny asa natao? Manomeza ohatra.**

Tena nampisy fiovana teo anivon'ny tonkatrano tsirairay ny fanatanterahana ny asa tany antoerana satria hita sy iaraha malala fa raha mikorontana ny fiarahamonina dia tsy misy ny misy fampandrosoana vanona ka noho izany dia afaka manao asa amandraharaha hatrany ny olona raha misy sehatra miaro sy manampy azy amin'ny famahana ny olana izay mitranga eo amin'ny fiarahamonina.
Araka ny fanentanana izay natao hatram'zay de hita fa miha maro ny olona mitaraina sy mitady vaha olana fa indrindra fa ireo fianakaviana efa nahita tombotsoa no mitarika ireo olona hafa izay mbola mihaina ao anatiny olana mianjady eo anivon'ny fiarahamonina.
Ny fitombony fikambanan'ny lahy sy vavy miditra amina fikambanana izay misehatra amina sosialy sy fandriampahalemana izay mahatonga ny fiarahamientana hatrany.

**34. *Fiovana eo amin'ny fiaraha-monina* (Teny miisa 300)**
**Inona ny fiovana nisy teo amin'ny fiaraha-monina taorian'ny fanatanterahana ny tetikasa? Manomeza ohatra.**

Maro ny fiovana nisy teo anivon'ny fiarahamoninana taorian'ny fanatanterahana ny asa satria dia miha mitombo hatrany ny olona resy lahatra amin'ny fitoviany lent any lahy sy ny vavy araka ny fanantonan'olona ny ivon-toerana CECJ izany moa dia ahitana hatrany ny fankatoavany lahy ny sehatra izay tokony ho sahaniny.
Ny fahavitrian'olona manampy amin'ny alalan'ny "signialement" raha misy tranga miseho eny anivon'ny fiarahamonina ka izany "signialement " izany dia marikin'ny fankatoavana ny asa ataon'ny fikambanana sy ny fitiavana ny fandrosoana eo amin'ny mpiarabelona.
Misy ny fahatokisan'olona ny fikambanana rah any fitombon'ny olona izay manatona isan'andro ny CECJ dia hita fa anan'olona "confiance" ny fikambanana, torak'izany koa totanisa away voaray amin'ny fandraisan'olona hita fa mankasitraka hatrany amin'ny fanatanterahana ny asa.
Misy iany koa ny fahavitrian'olona izay niharany ny tsy fandriampahalemana sahy mijoro vavolombelona raha misy liana azy ato amin'ny olona raisina mba isian'ny fifampitokisana,

**35. *Fiovana eo amin'ny fomba fijery ny Miralenta* (Teny miisa 200)**
**Manao ahoana ny fiovana teo amin'ny fomba fijerin'ny olona nahazo tombontsoa taorian'ny fanatanterahana ny tetikasa? Manomeza ohatra.**

Efa hita fa tena mimparitaka hatrany ny fahafantaran'olona ny atao hoe miralenta satria raha manolona ny asa izay nataonay dia hita hatrany fa efa misy ezaka ny fankatoavan'olona ny atao hoe meralenta satria na hatramn zaza ary dia efa mahafantatra ny zo izay tokony homena azy ka an'isany izany ny mampihena ny vehivavy mialantsekoly ankehitriny, miha mitombo iany koa ny vehivavy sahy mamaky bantsilana ny zavatra mahazo azy eny anivon'ny fokontany ary aty amin'ny ivontoerana fitarainana mba azahoany vahaolana maharitra eo amin'ny fiainany, miha mitombo hatrany ny vehivavy manana andraikitra sahaniny aty hifotony toy ny lehiben'ny fokontany, ny lehiben'ny boriboritany izany dia mitombo tsikelikely hatrany noho ny fidiran'ny miralenta eny anivon'ny fiarahamonina.

**36. *Fiovana eo amin'ny politika nohon'ny fisian'ilay tetikasa* (Teny miisa 200)**
**Raha nisy fiovana eo amin'ny lalàna noho ilay tetikasa dia hazavao eto.**

Raha nisy fiovana eo amin'ny lalàna noho ilay tetikasa dia hazavao eto.
Raha any fiovana amin'ny lafiny politika ndray no jerena dia hita fa miha maro hatrany ny vehivavy sahy mandray anjara amin'ny fanehoankevitra ara-politika na dia hita fa vitsy azan y milatsaka ho fidiana amin'ny ambaratonga mpifidianana rehetra di miha resy lahatra hatrany ny aty ifotony amin'ny fandraisana anjaran'ny vehivavy.
Rah any aty amin'ny faritra misy anay no jerena dia hita fa tena maharisika tokoa ny vehivavy amin'ny sehatra rehetra toy ny fandraharahana sy ny fitondrana eny ifotony manmporofo any izany ny fahamaroan'ny vehivavy manana toerana ambony ato anatin'ny Matsiatra Ambony toy ny lehiben'ny Distict lalangina,isandra, ny Ben'ny Tanana Fianarantsoa. Eo iany koa ireio taleparitra sy iraisamparitra ary ireo lehiben'ny sampandraharaha amin'ny sampandraharaha mpanjakana rehetra izay azo lazaina hoe mihanika hatrany amin'ny 50% ny lehy lahy.

**37. Lesona notsoahina (Teny miisa 300)**
**1) Inona avy ireo lesona azo notsoahana taorian’ny fanatanterahana ny asa?**
**2) Manao ahoana ny fanatanterahana izany?**

Maro ny lesona azo notsoahana taorian'ny fanatanterahana ny asa natao, eon y fiovan'ny mpitondra isankarazany izay miara miasa ka mahatonga fahasarotana ny fivany, ka ny lesona no tsoahana amin'izany ny dia ny fahajarana manavao antontakevitra hanaovana amboletra mihaja isan-taona mba afahana mandresilahatra ireo mpitondra.
Ny fiarahan'ny fikambanana amin'ny sampandraharaha mparitra izay miadidy ny mponina hita fa matotra tsara ka na dia tsy manana famatsiambola aza izahay dia mbola mipetraka tsara ny ivontoerana fandraisan'olona ka manome hery ny fiarahamiasa,
Eo iany koa ny fahavitrian'ny mpikambana manatanteraka ny asa izay manao "tour de permanence" amin'ny fandraisan'olona satria ny akamaroan'ny mpikambana dia olona mpiasampanjakana sy olona efa misotroronono ka na dia tsy misy vola aza dia mahavitrika hatrany ny mpikambana mba tsy mampitsangamenatra ny fanatanterahana ny asa.
NY lesona manoloana ny kolikoly izay hita fa tena manjaka eto amin'ny firenena dia natao ny fiarahamiasa matotra amin'ireo BIANCO sy ireo sampandraharaha miaro ny zon'olombelo rehetra ireo mba hisian'ny lanja eo amin'ny fomba fiasa.
Ny fanaovana raharaha mpianakaviana amina tranga na "acte" izay natao ka nalamina izay hita fa mety hisy toiny any haoriana, k any lesona no tsoahina dia vitavita hoajy ny raharaha nefa dia hita fa tsimaintsy hisy ny toin'ny refa misy zavatra tsy mifanaraka, ka nanoloana izany dia tsy maintsy mndray andraikitra ny fikambanana mandamina ampahamatorana ireo olana ireo mba tsy hiverenany amin'ny manaraka, ka izany fandaminana izany dia natao foana amib'by alalan'ny fifanekana.

**38. Fampaharetana ny asa (Teny miisa 300)**
**Inona avy ireo ezaka tokony hatao mba hampaharitra ny sy hanamafisana ny vokatra efa azo aorian'ny taona 2015?**

Raha manoloana ny asa efa natao hatr'izay dia maro dia maro ny vokatra efa hazo toy ny fanatanterahana sy fampiofanana amin'ny asakany tsy andavany ireo asa rehetra izay norafetin'ny fikambanana hatr'izay izay midika ho hezaka lehibe vitany fikambanana ka toy izany ny fanentanana sy fampiofanana eny ifotony toy ny amin'ny fokontany, ny boribory tany, ny sekoly, ny ivontoerana rehetra fa hita manabe tanora sy zaza, ka ny ezaka izay mbola hatrehana manoloana an'iro izay efa vita ireo dia nametraka foana ny fikambanana mba an'isany ho club mpikambana ireo sekoly sy ivontoerana izay efa nahazo fanamafisampahaizana ireo mba hahatonga ny fifandraisana hatrany eo amin'ny fikambanana sy ireo ivontoerana isankarazany,
Ny fandraisana olona ao amin'ny ivontoerana hita fa miha mitombo hatrany ny olona raisina, ka hita fa tena ilain'olona ny fisiany dia napetraka foana ny paik'ady mba hisokafana isan'andro Alatsinainy ka hatramin'ny Sabotsy amin'ny alalan'ny fijarana andraikitra sy ny fifandaminana ara-potoana amin'izay mahafaka ny tsirairay.
Ny fanaovana "collecte de donné" izay hita fa tena ilaina amin'ny fanatsarana ny asa sy ny fomba fiasa mba hisiany kalitao ny zavatra atao.
Ny fanatsarana ny fiaraha miasa amin'ireo mpiaramiombonantoka, izay tena ilaina tokoa ka amin'ny alalan'ny fanaovana "convention" amin'ny samy mpikambana no afahana mampifamatotra ny fiarahamiasa ary koa fanaovana tatitra isankarazany izay tena ilaina amin'ny ahafantarana ny fizotran'ny asa vita.
NY fanaovana tombana sy fanarahamaso amin'ny asa vita izany dia ezaka natao mba hanatsarana hatrany ny tolotra homena ireo mponina aty amin'ny faritra hiasan'ny fikambanana, ary koa isian'ny fifampitokisana eo amin'ny olona hiarany tsy rariny eny anivon'ny fiarahamonina.

**POROFO**
**Ampidiro eto ny porofo rehetra hanamarinana ny asa vita. Azonao atao ny manome rohy raha toa ka horonan-tsary no tianao ampidirina. Tsy tokony hihoatra ny 50 MB nefa izany.**

**Sary:**
**Ampidiro ny sary manaporofo ny asa na ny sarinao (telo farafahabetsany). Tsy tokony hihoatra ny 50 MB ny sary iray. Tokony hisy anarana toy izao manaraka izao ny sary tsirairay:**

**Anaran'ilaysary_Nyanaranao_firenena_volanasytaona**

**Oh. vehivavyenyantsena_andryrandria_madagascar_062016**

**34. Sary 1**

Fanentanana.jpg

**35. Ampidiro eto ny Sary 1 sy ny momba io sary io**

Iza? Anarana sy fanampin'anaran'ny olona tsirairay raha toa ka latsaky ny dimy ny olona hita anaty sary; fanazavana momba ny sary raha mihoatra ny dimy ny olona hita ao : Sary mitambatra
Inona ny asa natao teo : Fanentanana
Inona ny antony nanaovana ny asa : Ho fampahafantarana ny olona ny zo
Aiza ny toerana nangalana ny sary : Fianarantsoa
Oviana no nanaovana ny asa : 2016
Iza no naka ny sary : Razarimanana

**FANDALINANA**
**Fandalinana ny fiovana nentin'ny tetikasanao sy ny lohahevitra niasanao**

**40. Mariho amin'ireo lohahevitra momba ny fitantanana voalaza ireo ny lohahevitra izay tena mifanaraka amin'ny tetikasanao.**

Fahalalahana hiaina tsy misy fanavakavahana
Zo hanana fahaleovan-tena tanteraka
Zo hahazo fiarovana amin'ny fampanambadiana ankizy
Zo hanana biraom-panjakana
Zo handray anjara mitovy
Zo hahazo fitsinjovana mitovy eo amin'ny toeran'ny mpanapa-kevitra
Zo hisafidy

**41. Mariho amin'ireo lohahevitra momba ny fitantanana fanampiny ireo izay tena mifanaraka amin'ny tetikasanao.**

Fampanambadiana ny ankizy
Zon'ny vitsy an'isa
Fitovian'ny isan'ny lahy sy ny vavy eo amin'ny fitantanana
Fitoviana eo amin'ny fandraisana anjara
Fandravonana disadisa

**42. Mariho amin'ireo tanjona momba ny fitantanana voarakitra anatin'ny Fenitry SADC izay tena mifanaraka amin'ny tetikasanao.**

Fanovana sy fanafoanana ny lalàna rehetra manavakavaka ny lahy sy ny vavy ary fanafoanana ihany koa ny fepetra manambany ny vehivavy

**43. Mariho amin'ireo Vondron'olona voalaza momba ny fitantanana ireo izay tena niantefan'ny tetikasanao.**

Vehivavy - amin'ny ankapobeny
Lehilahy - amin'ny ankapobeny

**44. Mariho amin'ireo Karazana asa natao momba ny toe-karena ireo izay tena mifanaraka amin'ny tetikasa nataonao.**

Fahazoa-miditra (accès)

**45. Mariho amin'ireo fiovana ireo izay tena mifanaraka amin'ny tetikasa nataonao.**

Isam-batan'olona

**46. Mariho amin'ireo Karazana fiovana ireo izay tena mifanaraka amin'ny tetikasa nataonao.**

Fiovam-pijery, fitonian'ny fiantraikan'ny herisetra ara-tsaina

**Misaotra anao amin'ny fandraisanao anjara!**